TIM FRANTSA

# Mitaky ny fialan'ny Filoha Rajoelina sy ny governemanta

Mahakasika ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, misy ny fanambarana avy amin'ny Tiako i Madagasikara (TIM) Frantsa. Manoloana ny fitakiana sy ny hetsi-bahoaka eto amin' ny firenena amin'izao , ny TIM FRANTSA dia :

- manameloka tanteraka ny fampiasana ireo fitaovam-piadiana mahery vaika, izay nampidirina antsokosoko, miaraka amin' ny miaramila ho herimpamoretana ny vahoaka Malagasy.
- manameloka ny mpitondra izay manitsakitsaka ny lalam-panorenana.
- manameloka ny fikitihana ny fianakavian'ny mpanao politîka, satria LALAO maloto mitovy amin'ireto mafia aty ampitandranomasina izany.
- manameloka ny famoanoana ny malagasy ataon' ny mpitondra: mamono mpianatra ho avin'ny firenena, mamono ireo olona kere amin'ny fandaniana ny fanampiana natokana ho an'izany, mamono ny vahoaka amin'ny fihinanana ny fanampiana COVID nomen'ny firaisamonim-pirenena.

Mankahery ny mpitarika sy ny vahoaka Malagasy hijoro hatrany, ka tsy hihemotra miatrika ny ady amin'ny tsy fahamarinana. Mitaky tsy misy hatakandro ny fametrampialan'ny governemanta sy filohan'ny REPOBLIKA Andry Rajoelina. Masina loatra ny tanindrazana, hoy izy ireo.

***Nangonin'Isambilo***

Fandriampahalemana

# Ireo lesoka amin'ny asan'ny zandary eto amintsika



*Zandary nisambotra tsy ara-drariny olona niakanjo mena: Miara-manonja ny sabotsy teo.*

Maromaro amin'izao fotoana ireo lesoka, sy ireo marary mila fitsaboana amin'ny asan'ny zandary eto amintsika, matoa izy ireo lasibatry ny famonoana, na izany ataon'ny dahalo, na mety ataon'ny olon-tsotra ihany koa.

Ny zandary dia mpitandro filaminan'ny vahoaka karamain'ny fanjakana, amin'ny alalan'ny hetra aloan'ny vahoaka. Misy anefa dia service privé, na raharaha ho an'ny olona tsy miankina no omeny eto Madagasikara: gardiennage de station service , na fiambenana tobin-tsolika, garde de corps karana, sy sécurité ny Pradon, sns... Ny loza anefa dia 10000 Ar no mba azon'ny zandary iray miasa 24h, amin'ny vola antapitrisany azon'ny komandin'ny Brigade, komandin'ny compagnie, komandin'ny groupement, sy ny komandin'ny faritra. Ny vahoaka anefa voaendaka, voaolana very fananana. Raha miantso secours amin'ny Zandarimariam-pirenena (ZP) dia tsy tonga amin'ny alina, na koa tsy misy carburant no valinteny azo. Na général (jeneraly) aza mba mangataka sécurité amin'ny ZP, odian'izy ireo fanina. Fandikan-dalàna goavana izany, fa tsy misy "zandary sy lalàna" izany. Ny zandary madinika ambanian'ny lehibe, amin'ny tanàn-dehibe, maika fa any ambanivohitra, noho izany, tsy ho gaga isika raha doran'olona ny toby ZP, tapa-doha, amin'ny tanàn-dehibe izany no ataony, vao mainka any amin'ny tany lavitra andriana any. Izany no iraka ampanaovina ny zandary madinika, ka aiza izy no ho voafehy sy tsy hanao izay ditrany any amin'ny fiasany any.

Ankoatr'izany, araka ny vaovao voaray, misy ny olana any an-tampony ao anivon'ity ZP ity, nifamaly i COMGN : komandin'ny ZP, sy ny SEG: Sekreteram-panjakana amin'ny ZP, nandritra ny fivorian' ny EMMONAT ny zoma tolakandro lasa teo. Niteny i SEG tamin'io fotoana io fa hoe: "fantatro daholo ianareo elements 2018 ato". Ny dikan'izany, efa misy tsy fifampitokisana eo amin'izy ireo. Tranga nisy koa momba ireto mpitandro filaminana ireto: ny vadin'ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa nandona nahafaty olona tany Ambositra, nanitsaka vehivavy bevohoka, tsy nisy na sazy 1 andro, na vola ariary onitra aza mahakasika izany?

Fehiny: misy ny ezaka ataon'ny zandary, fa maro koa ireo lesoka any anivom-piarahamonina any, mahatonga ity sokajina mpitandro filaminana iray ity, lasibatra ny sokajin'olona sasany amin' izao fotoana.

***Ny Valosoa***

Fanaparam-pahefan'ny zandary

# Tsy izy intsony ity, mitokona hatramin'ny Fifohazana

Tsy izy intsony ny zavamisy amin'izao fotoana izao eto amintsika, noho ny fanaparam-pahefana ataon'ireo zandary sasany. Notongavan'ny Apôstôly Fifohazana avy any amin'ny Tobin'ny Fifohazana any Soatanàna omaly, tao amin'ny Tribonaly any Fianarantsoa, faritra Matsiatra Ambony.




*Ireo Apôstôly avy any Soatanàna, nitaky ny famoahana ny namany omaly, tany Fianarantsoa.*

Ny anton'izao hetsika izao dia noho ny fanararaotam-pahefan'ny Zandary tany Isorana. Faritra tsy milamina ny any amin'izany faritra Isorana izany amin'izao fotoana. Araka ny nambaran'ireo Apôstôly, misy resaka basy ity raharaha ity, noterena handoa vola be ny Apôstôly iray nitana basy tany an-toerana, ka rehefa tsy nanaiky dia nataon'ireo mpitandro filaminana izay nanamelohana azy. Tonga tany amin'ny renivohitry ny faritra Matsiatra Ambony ireo Mpiandry ireo omaly, nitaky tamin' ny fampanoavana tany an-toerana ny hamoahana ny namany, satria fiampangana tsy mitombina ny fiampangana azy, hoy izy ireo.

***Stefa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Omeo ny volan'olona

Maro ireo manao fitakiana eto amin'ny firenena efa am-bolana maro izao. Itrangan'izany na eo amin'ny tontolon'ny fahasalamana, ny fampianarana, ny toekarena, sns... Anisan'ny itovian'izy rehetra dia resaka vola, izay tsy voaloan'izao fitondrana Rajoelina izao, efa amam-bolana maro. Maninona no tsy anaovana ezaka ny volan'olona kanefa tena iankinan'ny fiveloman'izy ireo, sy ny ankohonany mbamin'ny fianakaviany?

Anisan'ny sahirana mafy amin'ny fivelomany noho ny tsy fahazoany ny karamany amam-bolana ireo mpiasa ao amin'ny orinasa Kraoma. Efa ela izay fitakiana nataon'izy ireo izay, ary efa ela no nipetraka teo anoloan'ny orinasa misy ny birao foibeny ny banderole, na sora-baventy misy soratra mena milaza ny fitakiana ataon'ireo mpiasa. Manao antso an-tany efitra ve izy ireo?

Eo amin'ny tontolon'ny fahasalamana dia nisy ireo hetsika nataon'ireo mpiasan'ny fahasalamana mpitsabo mpanampy, na paramedy. Nampijaliana mihitsy sy nampihorohoroana aza izy ireo tao anaty fitakiana nataony, kanefa niaraha-nahita ny ezaka lehibe nataon'izy ireo nitsabo sy niaro ny mpiray tanindrazana. Izy ireo mihitsy no teo ambava –ady niatrika ny fahavalo tsy hita maso dia ny valanaretina covid-19. Toa atao tsinontsinona izany ezaka sy adidy lehibe nataon'izy ireo teto amin'ny firenena izany, fa nahoana loatra? Raha mpitandro filaminana anefa no manao fitakiana toy izany na ireo depiote, azo inoana marimarina sy ny efa hita, tsy niandry fotoana ela dia nahazo valiny. Misy fiangarana sy fijery mitanila eto amin'ity firenena ity ataon'ny fitondrana Rajoelina.

Fa anisan'ny navaivay ny hetsika fitakiana teny amin'ireo sekoly ambaratonga ambony, na Oniversite tamin'ny faritra maro nanerana ny Nosy. Efa ambolana maro ihany koa ireo mpianatra no tsy nandray vatsim-pianarana izay tokony horaisiny. Zana-bahoaka ireo ary miankina amin'izany vatsimpianarana izany ny hamitàny ny fianarany. Iarahamahalala, fa tsy miantsy miafara amin'ny hetsika ireo mpianatra eny rehefa misy fahataràny toy izany ny vatsim-pîanarana. Efa niseho nandritry ny taona marobe teto amin'ny firenena izany, kanefa tsy hain'izao fitondrana izao ny misoroka azy mihitsy. Manaporofo hatrany ny tsy fahaizany mitantana firenena. Avy eo hakorontan'ny mpitandro filaminana amin'ny alalan'ny gazy lakrimôzena izy ireo. Niafara mihitsy tamin'ny fahafatesana mpianatra anefa izany noho ny nitondrana bala tena izy. Mpianatra no atrehina, bala tena izy no entina? Mpitandro filaminana manao ahoana izany? Avy eo ailika any amin'ireo mpianatra ny tsiny rehetra amin'izay vokatr'izany, na itadiavana hevitra hafa, mba tsy ho voasaringotra ny tompon'antoka tamin'izany famoizana aina sy rà latsaka izany.

Ireo aloha no tanisaina. Mitaky ny volany sy ny zony ny olom-pirenena izay manana zo tanteraka amin' izany. Matoa ireo toe-javatra ireo sy ny hafa mitranga dia tsy mahavita ny andraikiny izao fitondrana ankehitriny izao. Raha tena manana ny fitiavan-tanindrazana marina ny mpitondra hatramin'ireo solombavambahoaka mpanao vavabe sy loholona miara-dia aminy ireo, ary mitsinjo marina ny vahoaka Malagasy tsy an-kanavaka, dia amin'ny karamabe sy tombontsoa azon'izy ireo isan'andro sy isam-bolana hanalàna, raha toa ka sahy hilaza ho tsy manam-bola ny fitondrana. Ny vahaolana amin'izao fitakiana maro samihafa dia tsotra, omeo ny volan'olona, raha tsy izany dia mametrà fialana rehefa tsy efa izany.

***Sôh'son***